Dia nambolena hazary tao Sarobaratra iarovana amin'ny fahavalo avy avaratra. Ao Sarobaratra ao ilay vato. Ary mbola ao ilay vato nitsangana hazary miaro ny faritanin'i Didy ity. Dia raha ho avy ireo fahavalo : fa ireo fahavalo dia ireo sakalava andonaka avy avaratra. Dia raha ho avy izy andeha hanafika an'i Didy indray, dia tonga tao Sarobaratra. Dia tapitra maty koa ireo fahavalo. Ny sisa tsy matin'ny varatra dia nandositra any amin'ilay zana-tsaha atao hoe Andranotsinomina io. Raha nandositra tao angamba izy nisy telo lahy, dia natory tao izy, dia nahita ombin'olona tao ankijana, vositra matavibe ; dia novonoin-dry zareo, dia avy eo dia natsatony nataony kitoza, nandrahoiny teo tamin'io rano Andranotsinomina io. Dia rehefa anona izy dia lasa indray izy, lasa tany amin'ilay tany nihaviany tany izy.

Dia norahin'ny olona avy taty Didy taty izy. Dia ny sasany maty ; betsaka ny matin'ny varatra. Ity misy namono omby koa tamin'ilay zana-tsaha atao hoe Andranotsinomina io, ireo ny kitoza, ireo no nihirana ny hena. Teto izy no nisakafy... Teto izy no nahandro. Eto indray no fandriany fa tsy maintsy miverina eto izy. Tsy maintsy miverina eto izy. Tsy maintsy miverina eto izy.

Dia nambolena hazary indray izany io loharano io. Loharano nisakafohanandry zareo io.

Dia natsatoka tao ilay hazary masina. Dia hoe raha mandalo eto ireny fahavalo ireny dia hisotro ity rano ity, dia vonoy dia tapero mihitsy... Dia mandrak'izao aza io rano io dia tsy azo sotroin'olona mandrak'izao, na vorona aza no misotro an'azy dia maty.

Ny mpanazary nitana an'azy ao kosa dia hatramin'izao andro izao ny anarany dia atao hoe Randriamandresy. Io no mpanazary azy. Izy mpitsabo zaza, mpitsongo zaza.

ENO : Dia io rano io izany mandrak'izao dia tsy azo sotroina ?

INF.3 : Ny any ambony no tsy azo hoanina fa ny aty ambany efa azo sotroina.

ENO : Tena manana ny maha izy azy ato amin'ity tany ity maintsy ny vary, ka teo ianao nitantara ny Ambodifany. Azonao lazaina ve ny amin'io ?

INF.3 : Izany hoe ny ahy tantara koa no mba henoko fa ... Izaho moa vahiny, ka mba miresaka amin'ny olona eny dia ...

ENO : Ilay Antakarana tsy fantatra izany izay nihaviany ?

INF.1 : Avy any avaratra.

INF.3 : Izany hoe ny notantarain'ny olona izany. Nandalo teo ilay Rangahy efa noana izany. Dia nangataka ranonampango izy. Dia nolazain'ilay olona tompontrano hoe tsy misy. Tsy nahazo vary izy, tsy mi, y ranonampango. Dia nifindra tamin'ilay anankiray koa izy dia mbola izany koa no nataon'ilay olona tao.

Dia niteny izy hoe : ary aty aminareo aty angaha tsy misy vary ? Fa angaha tsy manjary vary ny toerana aty aminareo ? Dia izay fotsiny hono no teniny. Nanomboka tamin'izay ny olona dia namboly dis tsy manjary. Na hatramin'izao aza mbola tsy dia afaka loatra ny fambolen-dzareo. Na manjarinjary asa ny fambolen-dry zareo vary. Vita foana ny asa dia ataon'ny fody masaka indray ilay vary.

ENO : Moa ve misy tantara hafa koa ato amin'ity faritry ity Didy ity ?

INF.1 : Tsy misy fantatro koa.

INF.3 : Amin'iny lalana iny mako be dia be ny anarana-manan-tantara : misy anarana daholo hoe ... ohatra hoe Ambatomirahavavy.

ENO : Aiza io ?

INF.3 : Lalana ho any Ambatondrazaka. Izany hoe afaka an'Andranotsinomina dia mandeha kelikely dia Ambatomirahavavy.

Dia misy vato anankiroa izay ao. Boribory anankiroa ngezabe ery ampitan'ilay Saha. Dia ohatra olona hono ka tsy mitoraka dia mandray vato, sady efa misy masina mihitsy ao. Dia mitoraka, ka raha ohatra tody any ilay toraka iny dia mitoraka ilay olona.

ENO : Ka hatramin'izao, mbola ataon'ny olona io fomba io ?

INF.3 : Mbola ataon'ny olona mandrak'izao fa izany hoe ny "résultat" avy eo aloha dia tsy fantatra.

ENO : Ary ohatra misy olona ka tanteraka ny faniriany, moa ve misy five-renany tonga manao zavatra eo amin'io vato io ?

INF.3 : Ilay vato mantsy ary ampita ary, dia misy saha ao. Dia jerena ilay vato sahalamin'ny akaiky akaiky fa toa sarotrarotra, ihany ilay fitorahana azy, kanefa misy mahatonga, rehefa any ilay toraka dia tanteraka ilay fanirian'ilay olona.

Dia ohatra hoe ny manana ny lazany koa dia ny Asahatelo.

INF.1 : Ny tantaran'i Asahatelo : ireo olona nokaramaina hanao ny hazary tompon'ny hazary nifatotra tao Sarobaratra dia nokaramain-dzareo fahavalo io, dia io fahatelon-tany Asahatelo io no karamandry zareo nataon'olona tamin'ny Tany gasy.

Dia misy fady. Ny fadin'ny xy zareo dia tsy mahazo mi-sioka alina, tsy mahazo mitaina harongana, tsy mahazo mikapakapa zavatra alina. Izany dia mbola fady mandrak'izao. Ny Alarobia dia tsy azo kasikasihana koa fa fady : izany hoe tsy azo lasana. Mbamin'ireo mpiasam-panjakana manao lalana ireo dia ny Alarobia dia fady. Dia tsy miasa hatramin'izao.

INF.3 : Tsy mahazo mampiasa vy. Rehefa vy dia tsy azo atsatoaka. Ny eto Didy anie izao dia tsy mahazo mampiasa angady mihitsy na vy satria andro Alakamisy dia nohamasinina. Ohatra izao io mangady tanana io raha vao Alakamisy dia tsy azo atao. Ohatra aho izao miasa vary, raha vao "herse" vy no ampiasaina dia efa tsy mety raha Alakamisy ny andro fa "herse" hazo dia azo hanaovana. Fa raha vy izy dia tsy azo atsatoaka ny tany hiasana eto amin'ny Didy. Avy eo Asahatelo mankaty izany.

Ny tariky ny Asahatelo io dia tsy azo hamonoana biby ambikina koa.

INF.3 : Io dia tena poizina be amin-dzareo mihitsy. Na wilany avy nandrahoan'ny olona azy no andrahoana vary ho hanina ho an'ny zareo Asahatelo. Ka raha vao mikasika io zavatra io, na dia hoe rano fotsiny aza no mipitika amin'azy (ny taranak'Asahatelo) dia efa ..

Misy moa ny tantara taloha mahita olona mitondra azy io ny olona taty dia mahasahy mividy mihitsy dia mamono lamba mihitsy io biby io, dia aleviny fa izao tena tsy tian-dry zareo mihitsy ho mahakasika io biby io, fa dia maty ireo tarika Asahatelo ireo. Ary tsy tonga dia maty fa mijalijaly be aloha vao maty.

Dia io Asahatelo io dia fanaovan'ny olona ozona koa hoe "aza mahadika an'Asahatelo". Izany hoe raha ohatra manao ratsy ka mandeha dia vao mandika an'io dia efa anona.

Mandalo eo koa ny olona, ka ohatra hoe misy voady atao dia Asahatelo eio izy no manao azy.

Dia rehefa tanteraka ilay voadiny dia mitondra toaka izy eo Asahatelo. Dia eo izy no manatitra ilay voady.

Dia izay olona mandalo eo koa matetika hoe ohatra hoe andeha ety dia manipy vola ariary roa na ariary efatra ao anaty rano io. Dia hoe mba hitondra fahasalamana ho anay ny hitoera-

nay any. Dia manimpy vola ao amin'ilay rano ao Asahatelo izy.

ENQ : Ary aty Didy ve misy toerana hafa koa izay anaovan'ny olona joro sahala amin'izany koa ?

INF.3 : Io indray manko, ilay joro saika isakin'ny *tarika* aty dia manana joro. Hazo maranitra isakin'ny *tarika* io.

ENQ : Ny *tarika* Maromena ve manana joro . Tahaka anareo izany ?

INF.1 : iê ! rehefa manao joro, dia mangataka tso-drano ho an'ny rehetra rehetra hoe mahazo vola izahay, Dia amin'ilay joro ihany no mitantara ka isakin'ny *tarika* dia samy manana ny jorony.

ENQ : Ary moa ve ireo joro ireo misy toerana iray itambaran'nizy rehetra sa samy manana ny azy ?

INF.1 : Samy manana ny azy.

ENQ : Sahala amin'ny *tarika* Maromena izao. Aiza no misy ny azy ?

INF.1 : Any Antanimbary.

ENQ : Ka inona sy inona no zavatra atao rehefa manao joro ?

INF.3 : Manao fangatahina tso-drano.

INF.1 : Mitondra teaka. Ny sasany omby dia mivoady hoe : mahazo vola & ! mahazo zazalahy ... Omby fotsy loha no entina.

INF.3 : Ilay joro io zany hoe tsy fantatro aloha ny momba an'io fa misy ohatra izao zanatany avy eto izy ka mandeha lavitra dia miverina tonga aty dia mba manangana *jiro* koa izy. Dia io indray toaka amin'ny damizana no entiny eo dia manangana ilay jiro.

ENQ : Amin'izay fotoana izay izany jiro ho azy manokana io ?

INF.3 : iê ! ho azy manokana io.

ENQ : Ary ilay jiro ataony io. Jiro ataony ho an'ny fokony sa ny *tarika* misy azy .

INF.3 : Tsia, Azy manokana mihitsy. Azy irery. Io izany fijiroany. Ohatra any amin'ny faritra Sihanaka avaratra iny rehefa hoe jiro dia any ampasana, fa ny aty tsy mba manao izany.

ENQ : Fa ny fasana no betsaka ?

INF.3 : Ny fasana no betsaka ny any ao Antsihanaka avaratra ao.

ENO : Io izany no havahiko eto. Misy jiro itambaran'ny tarika ary misy jiro ataon'ny olona tsirairay araka ny zavatra miseho amin'ny fiainana.

INF.3 : Izay mihitsy angamba.

ENO : Ary moa ve mba misy zavatra atao ao an-trano, ankoatra ilay joro atao eny amin'ny jiro ?

INF.1 : Ataony ny kilalao, hira, avy eny amin'ny joro izy dia manao aty an-trano koa.

ENO : Ary aloha ny handehanana any koa, dia manao koa izy aty an-trano ?

INF.1 : Izany hoe : ohatra, androany no anaovana ny jiro dia ato daholo ny olona rehetra. Ao no manatitra ny tso-drano. Dia izay vao ho any amin'ny jiro amin'izay. Dia any no hamonoana ny omby, hisotroana ny toaka. Ilay amin'ny damizana. Dia vita any any dia miverina aty an-trano indray.

Dia ilay fianakaviana ankaiky vitsivitsy sisa no mivory ao an-trano. Dia manao ny fisaorana. Dia ny ray aman-dreny be no misaotra ny rehetra. Dia vita. Tsy misy hoe miantso razana amin'ny joro firarazana fa any amin'ny jiro ihany no manao izany.

ENO : Ary eny amin'ny fasana tsy misy atao koa ?

INF.1 : Rehefa eny amin'ny fasana dia eny amin'ny fasana. Rehefa eny amin'ny jiro dia eny amin'ny jiro.

ENO : Izany hoe misy roa azo atao izany ? Ny iray eny amin'ny fasana ny iray eny amin'ny jiro ?

INF.1 : Samihafa.

ENO : Ka ny any amin'ny jiro izany dia sahala amin'ny hee : fifaliana ?

INF.1 : Ie !

ENO : Ary inona koa no mba atao eny amin'ny fasana ?

INF.1 : Fifaliana, fangatahana joro.

Ny tokony atao amin'ny jiro dia mitondra toaka, manao hira. Toy izany koa eny amin'ny fasana.

ENO : Inona no maha samihafa ny hoe ny sasany atao eny amin'ny jiro, ny sasany atao eny amin'ny fasana ?

INF.1 : Rehefa eny amin'ny fasana dia eny amin'ny fasana. Rehefa eny eny amin'ny jiro dia eny amin'ny jiro. Samihafa mantsy ny jiro sy ny fasana.

Izany hoe : rehefa lalàna mandeha eny amin'ny jiro, dia eny amin'ny jiro ; fa tsy mandeha eny amin'ny fasana.

Rehefa lalàna mandeha eny amin'ny fasana dia eny amin'ny fasana izany.

INF.3 : Ny hitako taty dia hoe : Raha misy tsy salama ny zanany dia hoe : "Raha mba sitrana soa aman-tsara ny zanako dia hamono omby amin'ny jiro aho. Ohatra koa : "Raha feno 50 ny isan'ny ombiko dia hitondra toaka roa damizana eny amin'ny jiro aho".

Misy koa ny hoe : "Raha tafaverina an-tanindrazana aho dia hoatran'izao". Izay no zavatra hitako tety fa ny any an-kafa aloha tsy dia mba hitako loatra.

ENO : Io no tsy azoko ny hoe : inona no atao eny amin'ny fasana ?

INF.3 : Ny akamaroany aloha dia saika any amin'ny jiro.

ENO : Ary momba ny omby indray : manao ahoana ? Misy fampiasana azy hafa ve aty ? Ohatra hoe : ao amin'ny valan'omby misy zavatra atao manokana.

INF.1 : Tsy dia misy izany aty.

ENO : Fa raha mamono omby izany dia eny amin'ny jiro ihany ?

INF.3 : Eny amin'ny jiro izy no mamono omby.

ENO : Ary ny toerana misy ny jiro, aiza avy ?

INF.3 : Misy eny ampovoan-tanimbary eny ! Misy toerana avoavo koa dia eo.

ENO : Ary izy io, hazo manao ahoana ?

INF.3 : Tehezan-kazo, any anaty ala no akana azy. Alaina fotsiny dia atsatoka.

Raha araka ny hitako aloha dia tamin'ilay jiro vao hatsangana ilay izy, dia hoditr'omby atsatoka ety amin'ilay jiro fa ilay lohan'omby no tsy fantatro.

ENO : Ary ilay hazo manao ahoana ny habeny ?

INF.3 : Hoatran'izao no habeny. Tsy misy rantsany fa hazo boribory.

ENO : Ilay any amin'ny Bezanozano mantsy misy rantsany.

INF.3 : Hazo bontolo fotsiny. Misy tsy mihendaka aby ny odiny sasany.

ENO : Ary ilay hazo, mahatratra firy metatra ny halavany ?

INF.3 : Misy roa metatra mahery ny hahavony ary avela eo amin'izao ny hodiny.

ENO : Ao ambaniny ao misy zavatra va ?

INF.1 : Atao fotsiny izay hampijoro tsara azy. Tsy misy zavatra halevina ao. Fa dia atao izay hampijoro azy fotsiny.

INF.3 : Atao avoavo fotsiny. Isa na ilay tany atototra azy no maha-avoavo azy koa.

ENO : Ary ny aty angaha tsy mia manao *vatolahy, tsanganam-bato* ?

INF.1 : Tsy dia misy.

INF.3 : Ilay olona tsy hita ireny tsy hananganam-batolahy ?

INF.1 : Ananganam-bato ny olona very.

ENO : Ka inona no anaran'ilay vato io ?

INF.1 : *Tsanganam-bato*, ary iza tany tsara tiany hanaovany azy no asiany an'io fa tsy fasana akory.

INF.3 : Tsy hoe vatobe fa vato kely. Iray metatra eo ho eo angamba.

Iray metatra eo ho eo angamba ny hahavony. Tany Betsimisaraka manko no nanitako izany, ka vato iray hoan'ny olona iray. Ohatra hoe : nandeha tany an'ala tany dia maty tany. Dia ny hahavany no manao an'io *tsanganam-bato* io.

ENO : Aty amin'ny faritra aty Didy aty ve misy maro no manao sahala amin'io ?

INF.1 : Vitsy ihany.

ENO : Ary ilay olona atao hoe tsy hita, olona mankaiza ?

INF.1 : Nandeha nitady tany, ka tsy tafaverina. Dia maty any.

ENO : Ny olona aty moa izany raha mandeha, dia mba mankaiza ?

INF.1 : Mianavazatra, any Andilamena, Miankandrefana any Antananarivo sy any Moramanga any. Any izy no mitady ravin'ahitra.

ENO : Angaha tsy misy miantsinanana ?

INF.3 : Misy ka ! Misy tonga dia manitsy any an'ala.

ENO : Ary ny betsaka mpandeha mankaiza ?

INF.3 : Ny tantsaha aloha dia saiky miantsinanana.

INF.1 : Mandeha any Tamatave, Mandry telo alina dia tonga any Tamatave.

ENO : Raha mankany izy izany dia any Tamatave ihany no alehany ?

INF.3 : Mandeha any amin'ny faritra Tamatave ireny. Ohatra, any Mangabe izany. Saika mandeha maka café angaha no andehanany any.

ENO : Ary ny mankany avaratra any Andilamena ?

INF.1 : Mitady harena. Mitady omby.

ENO : Ary ny hoe mankany Moramanga ?

INF.1 : Mitady vola ireo.

ENO : Ary sahala amin'io resaka vary sy omby io : Ahoana ny tena toeran'ny vary aty. Tena efa io mihitsy ve ny fivelomany ary miaraka amin'ny omby hatrin'ny ela ?

INF.3 : Ny aty aloha dia ny asa vary no tena ilain'ny olona azy aty. Izany hoe ny omby mihitsy no fotom-pivelomana. Ny tsy manan'omby moa dia vonin'afokasoka iray fotsiny dia mandoro ny tany. Dia mamafy vary. Fa ny manan'omby kosa dia manosy tany. Miasa tany. Manao "la charrue".

// TRANSCRIPTION DE LA BANDE MAGNETIQUE

(S I D Y I)

**

FACE A (suite) et B /

INFORMATEUR I : - RATSIMIJERY Michel
67 ans, ancien Maire rural

INFORMATEUR II : - Médecin-Chef du Poste Médical
d'Ambohijanahary

ENQUETEUR : - Daniel RAHERISOANJATO

DATE ET LIEU DE L'ENQUETE : Ambohijanahary, Le 19 Janvier 1983

OBJET DE L'ENQUETE : Histoire de l'ilot d'Anosididy

0

0

0

0

Enquêteur : Ny tena anontaniako anareo dia ny tantaran'i Didy, izany hoe :

- Ahoana no maha i Didy an'i Didy ?
- Ny nahatongavan'ny olona teo ?
- Ny fomba fiainan'ny olona teo aloha ?
- Dia ny niafarany avy eo ?

Informateur n°1 : Ny niandohan'ny ity Didy ity dia izao : nisy olona mpi-rahavavy ... Ny iray RAKALO ny iray RAFANONTANY. Rehefa tonga teo Anosididy izy mirahavavy, dia izao no tenin'i Kalo : "Andao isika hifanontany na hipetraka amin'ity tany ity". Dia hoy ilay rahavavy hoe : "Izaho tsy hipetraka fa ho any Anjafimpanitana (Manakambahiny atsinanana io). Dia hoatrin'ny tezitra i Farafanontany. Ka raha hipetraka eto ianac hoy izy dia apetrako aminao ny miadidy an'ity tany ity. Apetrako aminao hoy izy ny addidy... Dia ity Nosy ity manko izany.

ENQ : Alohan'izy hipetraka teo, efa nisy olona ve teo aloha ?

INF.1 : Efa nisy teo taloha.

ENQ : Ary aiza irco olona teo taloha ireo ? Avy aiza ?

INF.1 : Avy eto. Mponina Sihanaka ihany.

Raha teo ireo olona ireo dia izao no fandehany. Nipetraka i Kalo. Dia voalaza fa andraikitra amin'ny tany. Raha nipetraka teo izy dia nipetraka teo Anosididy daholo ny olona fa tsy misy olona teto Ambohijanahary, fa aty Didy daholo ny tanàna. Ary raha teo ary ny tanàna dia nisy ny Mpanajary. Mifehy ny tany naman'i Kalo. Dia nifanaraka ny Mpanazary sy i Kalo hitondra ny tany sy ny fanjakana ao Didy. Koa raha nipetraka teo izy taloha, dia teo daholo ny olona. Dia izao no fanaovany an'azy.

Nozarainy roa ny tanàna : Ny iray Tariky ny fahatelony hoy izy ; ny faharoa dia ny Tariky ny tokony. Dia nipetraka teo izy rehetra. Raha nipetraka teo ireo, io Nosy io tsy azo atao dia an-tongotra fa lakana. Dia nanao lakamena izy. Lakana roa, ka ny iray fandehanan'ny vehivavy, ary ny iray fandehanan'ny lehilahy.

Ka raha nipetraka teo izy, dia nisy hono olombe natao hoe Lebengy. Dia tsy mba nahafantatra hoe ravim-bary fa homambary izy dia mihinana fa ny ravim-bary sy ny fotony dia tsy fantany. Hoy ilay olombe tamin'ny andro taloha hoe : mba itondray ravim-bary zaho ; mba ho fantako ny ravin'ity vary ity.

Ny mpanazary no iarovana ny tanintsika, hoy izy, sao dia misy mandrava. Natao ny setroka. Rangitina daholo io ratsa-kazo re-

hetra io. Dia feno mihodidina io tanety io. Hazo maranitra mitsilotsilo daholo no manodidina an'io tanety io. Izany no maha Didy an'i Didy. Dia teo izy. Dia tsy azon'olona nokisikisinina mihitsy io tany Didy io fa izy izany.

Ela raha ela, Raha vita ny adidy dia ravan'ny fahavalo menalamba, Menalamba avy any sakalava. Raha rava io tany Didy io dia nazetra ny lakamena. Natokotra tao anaty rano tao mba tsy ho hitan'ny fahavalo.

Tonga izany dia noravainy ny tany. Dia izao no tenin'ny mpanjaka. Tsy tana ny tany fa rava ianareo Tariky ny roa tokony, hoy izy. Dia ity tanin'i Didy iray manontolo ity izany. Fokon'ity Didy ity. Ary ny Tarika fahatelo, hoy izy, ery Ambodifano.

ENQ : Ny tiako ho fantatra dia ireo olona mponina maro be nipetraka teo taloha. Ireo olona ireo avy aiza ?

INF.1 : Avy eto no nihavian'ireo olona ireo mponina maro be nipetraka teo. Ka ny nahatonga azy nipetraka tany Didy Nosintany izy io, dia nampandehanana taloha ny Menalamba. Ity nosintany ity dia tsy azon'ny olona handehanana tongotra fa lakana vao azo aleha.

ENQ : Ny tena anontaniako izany hoe : ilay olona teo izany olona avy ety amin'ny manodidina ety no natahotra ny fahavalo ka nahatonga azy hipetraka tao ?

INF.1 : Mbola vitsivitsy ny olona tamin'izany. Rehefa tonga i Kalo, dia mbola vitsy izy no nipetraka teo. Tonga i Kalo, dia nisy fanontaniana hoe ahoana no heviny ? Andao hoy izy hipetraka eto. Dia hoy i Kalo hoe izaho hoy izy tsy lasa fa hipetrahako eto. Dia izany no tenin'i Kalo.

ENQ : Io Kalo io izany no nitondra teo, nikarakara ny olona teo ?

INF.1 : Izy no nitondra teo taloha.

ENQ : Ka io kalo io avy aiza ?

INF.1 : Avy any amin'ny faritany Bezanozano. Izany no fihaviany.

ENQ : Faritany aiza ?

INF.1 : Bezanozano, faritanin'i Moramanga

ENQ : Tany aiza ho aiza ?

INF.1 : Fiherenana. Avy any Fiherenana

ENQ : Fa ny nahatonga azy nankaty ?

INF.1 : Ny nahatonga azy nankaty dia tsy fantatro mihitsy. Fa dia niaraka izy mirahavavy avy any ka na ho aiza i na ho aiza dia tonga aty i Kalo.

ENQ : Dia izy izany no niadidy teo ?

INF.1 : Dia izany no nahatonga ny anarany : izany hoe Anosididy. Ka rehefa tao i Kalo dia toa ny rahavaviny no tsy nety nandeha. Dia hoe apetrako aminao ny addidy hoy izy. Dia izany no addidin'ny Nosy hoe : Anosididy.

ENQ : Dia izay izany no nahatonga ny hoe Anosididy ?

INF.1 : Izay tokoa no nahatonga ny hoe Anosididy.

ENQ : Araka ny voalaza moa dia ianao dia anisan'ny olona niaina tao, ary nipetraka tao ny Ray aman-dreninao. Dia manao ahoana sy ahoana ny fomba fiainan'ny olona tao. Azonao tantaraina ve ?

INF.1 : Ny fomba dia tsy azo hanaovana maloto ny Atsimo satria misy vato ao Atsimo. Misy vato napetrakia'ny mpanazary eo atsimo ao.

ENQ : Fa ny ety amin'ny olany ipetrahan'ny olona.

INF.1 : ie !

ENQ : Dia ahoana sy ahoana indray ny fipetrapetrahan'ny trano tao ?

INF.1 : Ny trano tao dia izao : trano nipetraka an-tanàna izao ihany. Dia tsy misy na inona na inona mihitsy.

ENQ : Ary ny tranon'i Kalo. Aiza no ipetrahan'ny ?

INF.1 : Ny tranon'i Kalo tao ampovoany tao. Tao ampovoany tao i Kalo no nipetraka.

Dia mbola nisy tapatapaka vilia tany ireny aza tratrako tao. Ireo tokenam-baravarana maro dia mbola nisy vato atao fanongonana mbola tratrako tao izany. Ary nisy ary amin'ny faran'ny atsimon'ny ary. Io Anosididy io olona arivo anie no nipetraka teo ! Olona maro. Ka rehefa hamono omby dia tsy maintsy manatitra omby any amin'ny *moka-pokonolona*. Hamono koa ianao dia tsy maintsy manatitra koa na tianao na tsy tianao. Io *moka* io dia mbola ao mandrakizao tsika miteny izao. *Tsato-kazo* io.

INF.2 : Aiza ny toerana nambolen-dry zareo vary tamin'io toerana io ?

INF.1 : Nambolen-dry zareo mponina vary teo. Hitanao tsara io tanimbarin'i Ngamba io. Io tanimbarin'i Ngamba io dia ity atsinanan'i Anosididy ity. Dia manapaka mianatsimo. Dia ity amboleny vary eto "côté" etsy Atsinanana. Atsinanan'i Didy izany hoe ety amin'ny faritra avoavo. Any no hambolen-dry zareo vary. Ireto ambany andrefana ireto tanimbary daholo. Nisy vary ireo taloha.

INF.2 : Izy mirahavavy nolazainao tany ampiandohana ireo izany tonga tamin'io toerana io. Avy aiza marina no niavin'izy ireo. Asa raha voatantaranao na tsia. Avy any atsimo ve ? Avy any avaratra sa avy any Andrefana ?

INF.1 : Avy Atsimo. Avy any Fiherenana. Bezanozano, atsinanan'Amboasary.

ENQ : Ny antony nahatonga azy nankany ?

INF.1 : Tsy fantatro.

ENQ : Dia nitantara ianao teo hoe ny fombafomba fiainana tao an-tanàna. Sahala ny anareo ianao. : mbola tadidinao ve hoe amin'ny toerana aiza no nisy ny tranonareo ?

INF.1 : Ny tranonay aty Avaratra. Aty amin'ny tanjony farany Avaratra aty.

ENQ : Alohan'ny nahatongavana tao, taiza ianareo no nifindra teo, ny Ray aman-dreninao ?

INF.1 : Ny Ray aman-dreniko avy amin'ny Nositany Atsimo. Dia tonga dia nivantana tany Anosididy. Dia nifindra any Ambohitrandriana. Avy teny Ambohitrandriana dia tao Ambohimanga.

INF.2 : Io Anositany io dia ery Atsimo akaikin'ny renirano Sahabevary. Ary Ambohitrandriana io indray dia eo atsinanan'Anosididy.

ENQ : Ka aiza avy ireo ombinareo, na ireo ombin'ny Ray aman-dreninao no napetraka ?

INF.1 : Marina aloha fa ny omby mandeha amin'ny *foko* daholo, ary ny *tarika* samy manana ny azy. Ny *fomba* samy manana ny azy.

Io Tongombato io no toerana fametrahamay ny omby. Ery ambany Andrefana ary. Any no fipetrahamay ny omby.

ENQ : Ary rehefa miakatra ny vary diaentina aiza ny vary ?

INF.1 : Entina amin'ny lakana any Didy.

ENQ : Satria olona maro no ao Didy, firy izany no lakana nampiasaina teo ?

INF.1 : Roa no lakana nampiasaina tao.

Raha vary taomina efatra zakan'ny iraiky. Tsy misy "problème" amin'izy aby io. Ohatra izao : izaho izao nahavely vary. Mahavely vary koa Rakoto rahampitso. Nahavely koa i Ranaivo. Dia mikambana izahay. Mahazaka lakana iray moa izaho dia "voyage" iray ny ahy dia vita. Mandeha koa ny azy "voyage" roa dia vita. Izany ny fomba fitateranay vary tety. Tsy misy "problème" mihitsy.

ENO : Ka mba manao ahoana sy ahoana ireo lakana ireo. Manao ahoana ny toetran'ny lakana. Moa ve misy maha samihafa azy hoe an'ny lehilahy an'ny vehivavy ?

INF.1 : Ny fizarany azy tsy misy hafa fa samy lakana : zaraina fotsiny hoe : ny lakan'ny vehivavy dia ity an'ny lehilahy dia ity.

Ny lakan'ny vehivavy atao hoe : *Lakamena*

Ny lakan'ny lehilahy atao hoe : *Mango*.

ENO : Amin'izao fotoana izao, aiza ireo lakana ireo ?

INF.1 : Ny iray mbola ao fa saingy efa ratsy ; ny iray kosa any Antananarivo any.

INF.2 : Tahaka ny eo amin'ny zava-pihinana hafa, tsy mahafantatra mamboly ve ny olona teo toy ny akondro na ny mangahazo. Ka raha mahafantatra mamboly ry zareo dia taiza no nambolena tamin'io toerana nihonenana io ihany ve sa any ivelany ?

INF.1 : Ny zavatra nambolena tety dia ny katsaka. Namboly izy any Anosikely. Namboly tany Anosindandy satria ny olona Ntaolo mantsy dia izao no azy : io anaty ala io misy ovy ala, ka tsy maty satria afaka mihinana ovy izy. Homana tantely izy. Hitanao fa ovy no hian-diany ka misy tany vokatry tsara mihitsy mbola inona izay mangahazo.

Misy saonjo ambolena koa fa tsy betsaka. Tsy mba hoe saonjo fa *anambo* no anarany.

INF.2 : Efa hitantsika izay ny foton-tsakafo ; efa hitantsika ny fotom-pivelomana ny olona nefa moa tsy maintsy misy ny marary ary tsy maintsy misy ny maty. Tsy maintsy misy ny mpitsabo. Ka raha ohatra misy ny marary dia amin'ny fomba ahoana no itsaboana azy ? Amin'ny alalan'ny ravinkazo ve sa efa misy Mpanazary voatokana mihitsy ve sa misy fitsaboana hafa ankoatra izay ?

INF.1 : Ny fitsaboana moa tsy misy afa-tsy ny fitsaboana ody gasy no natao. Misy Mpanazary tao Anosididy fa voatokana. Efa voatokana mihitsy ny toerany. Ao Anosididy mihitsy. Ao ampovoany ao. Ka rehefa marary

ny olona dia mandeha milaza any.

INF.2 : Raha misy ny maty dia aiza no misy ny toeram-pandevenana. Isika amin'izao fotoana izao moa dia misy an'ilay hoe misy fasan-drazana ary fasan-drazan'ny tariky Ra-Anona sy Ra-Anona. Tamin'izany fotoana izany dia nisy toeram-pandevenana voatokana ve hoe ary ny toerana tsy maintsy hanariana ny faty. Ka taiza io toerana io ?

INF.1 : Samy manana ny fasany. Izany hoe tsara raha mahatazana ianao fa io *Antongombato* io. Misy fasana ao. Atsimotsimo io koa, io Avara-baratra io misy fasana koa. Ambonin'io vato io. Misy fasana koa ao Anosididy. Amin'io tanàna io sady honenana io no misy toeram-pandevenana koa.

INF.2 : Ary aiza no nalevona io ambonin'ny vato io, andrefan'Anosididy io ?

INF.1 : Tsy fantatro. Izy io mantsy misy hadivory. Misy manda ary misy vavahady fidirana ka tsy fantatro na iza no olona nilefa sy niady tao taloha.

ENQ : Ary tao aorian'ni Kalo iza indray no olona nitondra tao ?

INF.1 : Rava ny tanàna, tsy misy mitondra intsony tao.

ENQ : Ianao izany mbola nahatadidy tsara ny avy any sy ny nandehananao lakana nankaty ?

INF.1 : Tadidiko fa tsy io lakana io akory. Iny efa tsy hita iny fa nilentika fa lakana vaventy namboarin'i Dadanay sy Reninay. Izany hoe lakana vao namboarina indray io. Namboarina taty aoriana.

ENQ : Ka ny nandehananao aty, namonjy aty an-tanàna aty hanao inona ?

INF.1 : Nianatra satria mbola nipetraka tao Ambohimanga izahay.

INF.2 : Mbola hiditra eo amin'ny tantaran'ny nahatongavan'ny fanjanahan-tany moa isika, asa ianao na efa tonga tany na mbola tsy tonga tany ?

INF.1 : Mbola tsy tonga tany.

INF.2 : Dia mbola manadihady ihany dia manao ahoana sy ahoana izany ny fitondram-bahoaka tamin'ny fitondrana tamin'ny fahagasy ireo. Voalaza moa hoe fa ny tany tsy maintsy misy mpifehy amin'ny alalan'ny *Mpanazary*. Moa ve misy fifanarahana tamin'ny *Mpanazary* io satria araka ny heno koa hoe olona avy any ivelany angaha ilay *Mpanazary* io ka ny tianay fantarina dia hoe aiza marina no niavian'io *Mpanazary* maro tany io sy ny fanarahan'ireo olom-baventy taminy ?

INF.1 : Ny *Mpanazary* nipetraka eto Anosididy teo izy. Tsy fantatro fa dia hoe io *Mpanazary* io no mitana, manohitra ny fahavalo eto. Nisy fahavalo dia ity nahay odi-basy, io izany no tena mitana ny *hazary* eo amin'ny fiarovana-tanindrazana.

INF.2 : Dia ahoana sy ahoana ny tantarany raha misy manafika avy any ivelany hanafika an'i Didy. Mba tianay ho fantarina .

INF.1 : Tamin'ny tany faha-malagasy, tsy baranahina fa misy mpifehy nisy komandy, komandy teto Didy teo dia ilay *Mpanazary*. Misy vavahady ao mba tsy hahazoan'ny fahavalo niditra dia nasiana *Lakamena* teo am-bavahady tao. Ka raha avy ny Sakalava andeha hanafika teto, niala an-keviny tany Andreba tany. Dia tonga tao Andranotsinomina no niandohany. Dia nisakafo teo, Izany hoe handeha handrava an'i Didy. Menalamba izany. Nisakafo teo dia tapitra maty daholo afa-tsy roa sisa. Tsy tafiditra, satria efa nohasinina ilay rano. Ny fandriky ny mpanafika dia niverina ireo. Andao indray handroso hialan-tsika io rano io fa tsy honina ety isika fa handao hidirana an'i Didy mihitsy. Narahina koa indray mandeha tonga tao Sahatelo. Niaraka koa dia tapitritin'ny varatra tao koa. Dia mbola raikitra hatramin'izao hoe Sarobaratra. Dia tsy tafiditra teo koa ny fahavalo. Dia teo indray dia nanao hevitra indray hiditra aty Andrefana. Mbola hanafika ihany. Mbola tsy rava avao ny tananan'i Didy amin'izany. Mbola teo mihitsy ny olona rehetra. Dia niditra avy Andrefana tao indray dia tsy tafiditra.

INF.2 : Ka raha ny fahazoako azy izany raha niala avy any Ambatondrazaka moa dia rehefa hiditra an'ity tanin'i Didy ity dia misy ilay ataon-dzareo hoe Ambatomitsoaha. Io Ambatomitsoaha io misy fizaran'ny tany na Ambatondrazaka sy aty Didy. Ka rehefa tafiditra eo mahita ilay toerana hoe Sahatelo ka teo Sahatelo teo izany no toerana nitoeran'ny mpanazary avy aty Avaratra. Ka ny nahatonga an'azy hoe Andranotsinomina dia rano tsy azo sotroina izany satria araka ny fahazoako azy dia rehefa manafika ireo Sakalava avy any Andrefana ka niditra avy eo Avaratra, dia sodoka satria nahita ireo rano madio. Dia nahandro dia nihinana. Dia tapitra maty teo daholo izy. Dia natao indray ny "place stratégique" taty afara. Dia nivadika taty Andrefana. Dia niditra ihany koa. Dia mbola tsy lasa indray fa taty Avaratra dia tafiditra akaikikaiky. Izany aty ambadik'ilay toerana misy an'ilay mpanazary aty akajikin'Anosididy mihitsy izany. Ka rehefa nitobe teo ilay fahavalo izany, dia panjary nisy varatra namely azy, dia voan'ny varatra daholo izany ilay fahavalo teo ka ny sisa tsy maty dia niverina indray koa. Dia mbola tsy kivin'izay fa mbola nisy koa izany taty aoriana izany amin'ny fahatelony niditra avy aty atsimo indray izany hoe nifanohitra tamin'ilay fidirany avy taty avaratra

izany, dia nahatonga tao amin'ilay hoe Vohitsivalana fa amin'izao fotoana izao izy dia tobin-tsakalava no hamataran'ny olona azy. Ka ny nahatonga hoe Antobin-tsakalava izany dia nitoby tao ny Sakalava dia tao indray no nanao "duel". Izany hoe hapetraka ny miaramila fa iretsy samy mpitari-tafika no hifamely amin'ny roa tonta. Dia teny ierana moa ilay izy kanjo moa tsy nisy resy tsy nisy mpandresy fa dia samy maty teo izy izany. Izay izany no niandohany raha tantara ny fiarovana no jerena.

ENO : Oviana izany raha tadididinao ny farany nipetrahan'ny olona tao Didy ?

INF.1 : Tamin'ny taona 1927.

ENO : Ka inona no tena nialan'ny olona tao ?

INF.1 : Nihavitsy ilay olona, dia avy koa ny "cyclone" tamin'ny 1927. Dia rava ilay tanàna dia nifindra tetu Atsinanana. Rava ny tanàna. Dia ampahatelony io Ambodifano io. Nozarainy telo io tanàna io. Ato atsimo izany. Io izany no iray Ampaha-telony. Ny Roa tokony izany dia ireto amin'ny tanàna ireto : Ambohijanahary sy Avaratra ary Vohidrazana. Betsaka ireo tanàna manodidina ato ireto sy iny Avaratra rehetra rehetra iny. Amoron'ala sy amoron'arabe amin'izao fotoana izao.

ENO : Moa ve misy marina izany hoe nisy vehivavy avy any Didy hono atao hoe Rasolonjanahary ka izay no niakatra teto dia nipetraka teo, Ka izay no nahatonga azy hoe Ambohijanahary ?

INF.1 : Tsy fantatro mihitsy.

INF.2 : Ny reko indray moa dia hoe toerana hivavahana amin-zanahary, fa tsy dia mari-pototra loatra ka izany no nahatonga ahy hanotany.

INF.1 : Ity mantsy izao, ity Ambohijanahary ity tanàna fahagasy ity. Vohidrazana tanàna fahagasy io. Ambohimanina tanàna fahagasy io.

INF.2 : Ka raha tanàna fahagasy ireo, moa ve nisy olona niaraka tamin'Anosididy ve sa taoriana:

INF.1 : Taoriana. Mbola tsy nandalovan'ny vazaha.